Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

Vavaka Fiambenana Alakamisy 26 Novambra 2020

Thème : Fanaovam-beloma sy tsodrano
Texte : Kolosiana 4.1-18

Fiharabana Apostolika

FFPM44/1,4
1. Indro Jeso, mba vohay;
Mba vohay !
Avy ho sakaizanay
Ka vohay !
Lay Malala fahizay
Sady sitraky ny Ray,
Tonga ho anao indray,
Ka vohay !

4. Eo am-baravaranao;
Mba vohay !
Tsy manao an-ditra izao;
Ka vohay !
He ! Mandàna mora re,
Na dia Tompo lehibe,
Efa niandry ela be;
Ka vohay !

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM163/1
1. He, Jesosy Tokintsika
Tompon'ny fiainana,
Tonga eto amintsika
Olon-kovangiana,
Izy no hitory teny
Soa, mahavelona,
Fa ny ainy no nomeny,

Mba ho solovoina.

Fampidirana

FFPM163/3
3. Eto afovoantsika
Ilay Mazava tokana;
Sambatra izay mahita
Azy, fa ho velona.
Ry Jesosy, iresaho
Izahay mpianatrao,
Hafanao sy hatanjaho
Ny finoanay Anao.

Vakiteny 1 : Kolosiana 4.1-6

Fanazavana fohy

FFPM639/1
1. Ry miaramila! Mandrosoa izao,
Kristy Kapiteny mialoha anao;
Ao aloha tafika, loza, ratra be,
Fitsaharana tsy misy, misikina re.

Fiv : Ry miaramila! Mandrosoa izao
Kristy Kapiteny mialoha anao.

Vavaka isan-tokantrano

- Mivavaka ho an'izay mandalo fotoan-tsarotra mba tsy hiverin-dalana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Kolosiana 4.7-9

Fanazavana fohy

FFPM639/2
2. Any lehy ratsy no manotrika,
Any ny tsipika no milatsaka;
Tano ny finoana ho ampinganao
Entonao ho fandresena Izao
rehetra izao:
Ry miaramila! sns…

Vavaka isan-takantrano

- Mba ho mpanompo malala sy mahatoky amin'ny anjara fanompoana niantsoan'ny Tompo

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Kolosiana 4.10-15

Fanazavana fohy

FFPM639/3
3. Aza miamboho na miherika,
Ao an-tratranao ny fiarovana;
Aza mba matahotra, fa sahia
fandrao
Raha tsy mandresy, dia ho resy hianao;
Ry miaramila! sns…

Vavaka isan-tokantrano
- Mba hahay hifandrimbona sy hifampizara asa fanompoana.
- Very fanana sy mahatsiaro ho irery ary tsy manam-pitsaharana mba ho ampy antsika Jeso.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Kolosiana 4.16-18

Fanazavana fohy

FFPM469/4
4. Dia mandrosoa hianao izao
Ka miraisa dia aminay ho ao
Milofosa fatratra, aza ketraka,
"Miadia ny ady tsaran'ny
Finoana"
Ry miaramila! sns…

Vavaka isan-tokantrano
- Mba samy hialoka eo ambany fahasoavan'Andriamanitra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM639/5
5. Kristy Kapiteny tapitra ohatra,

Izy no mpiaro ny mpanafika;
Miankina aminy mafy hianao,
Ka aza mba ny tenanao no
itokianao:
Ry miaramila! sns…

Fehiny :
1 Korintiana 15.58 ; Filipiana 4.7
"Koa amin' izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin' ny asan' ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin' ny Tompo.
Ary ny fiadanan' Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin' i Kristy Jesosy.»

FFPM645/4
4. Ry Jeso Kapiteninay!
lzao, anio izao
No anavaozanay indray
Ny fanompoana Anao
Atolotray Anao tokoa
Izao tenanay izao,
Ka hamasino avokoa
Hanao ny sitrakao..

Tsodrano
Ary ho an' izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao amin' ny fiangonana sy ao amin' i Kristy Jesosy hatramin' ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena.